
**TARI-DALANA ho an'ny Sampana (SA/STK/TILY) fanomanana ny atrikasa VFTM momba ny « AINA » ny Asabotsy 17/02**

**LOHAHEVITRA FOTOTRA: « NY AINA »**

| | TENY sy FEHEZANTENY mila tadidina | FAMARITANA sy FANAZAVANA | TOROHEVITRA ho an'ny mpiandraikitra ireo Sampana (SA/STK/TILY) |
|---|---|---|---|
| **VOAMBOLANA FOTOTRA** | **AINA**<br><br>**ZAVAMANANAINA : biby/zavamaniry/olombelona**<br><br>**ZAVABOAHARY TSY MANANA AINA** | Ny « **aina** » no fototry ny fahavelomana ao amin'ny zavaboahary manan'aina rehetra. Fanomezan'Andriamanitra ny AINA.<br><br>Mizara telo (3) ny zavamananaina dia : **ny biby, ny zavamaniry ary ny olombelona.** Mifampiankina ny fiainan'ny zavamananaina rehetra.<br><br>Misy koa ny zavaboahary tsy manana aina. Ohatra : vato, fasika, rivotra. | Manao lalao na hira mampiseho ny fifampiankinan'ny zavamananaina miainga amin'ny **Rojo sakafo**.<br><br><br>Ohatra eto : (1) Ny olombelona dia mila mikaraka ny ahitra ; (2) ny ahitra no hanina sakafon'ny omby ; (3) ny omby no manome sakafo hanin'ny olombelona (ronono, hena). |
| **OHABOLANA** | « Ny aina tsy afaky ny tompony » | **Jesoa Kristy** izay Andriamanitra no **tompon'ny aina** fa tsy isika olombelona. | Hazavainareo amin'ny ankizy fa ny « Tompo » dia izay nanome na namorina. Koa Izy Tompony ihany no afaka maka izay nohariany, ny « aina ». |
| **ANDININ-TSORATRA MASINA** | « Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana ; Fa avy ao aminy no ihavian'ny aina. » Ohabolana 4.23 | **Ny « fo » no hiaingan'ny soa atao rehetra (fanapahan-kevitra)** ka miharo ny « aina » tsy ho very.<br><br>Fa raha simba ny fo dia hita eny amin'ny endrika hivelany hataon'ilay olona (ny **teny lazainy**, ny **zavatra ataony, sns).** | Ampisehoy amin'ny ankizy **fa mifampiankina ny FO sy ny AINA** eo amin'ny fiainana andavan'andro.<br><br>Poforo **: Ny fo** mbola **mitempo** no marika fa mbola velon'aina ny olona iray. |
| **FOMBA AMAM-PANAO MALAGASY** | « Tera-bao » | Fomba fiteny « *Arabaina nomen'Andriamanitra ny* ***fara*** ». | Teny fampiasa : « **Rom-patsa** » no ilazana ny vola enti-mamangy ny vehivavy **tera-bao.**<br>« Fara » = « Fara-mandimby » |